**A Aoka ho mahatoky. Daniela 1.**

- ❖ Daniela “ninia tao am-pony tsy handoto ny tenany tamin'ny anjara-hanina avy tamin'ny hanin'ny mpanjaka, na tamin'ny divay izay fisotrony” (Daniela 1:8). Nanohana izany fanapahan-kevitra izany ireo namany telolahy.
- ❖ Novalian'Andriamanitra soa izany fahatokian'izy ireo izany teo amin'io fanapahan-kevitra io tamin'ny nanomezany azy ireo “fahalalana sy saina ny amin'ny taratasy sy ny fahendrena rehetra.” (Daniela 1:17)
- ❖ Tsy maintsy mahatoky isika amin'ireo ady madinika eo amin'ny fiainantsika ANKEHITRINY. Amin'izay dia hitoetra mahatoky isika amin'ny Andro Farany. Mitoetra mahatoky amin'ny toe-javatra rehetra isika rehefa miankina amin'i Jesosy irery ihany.

**B Aoka hanetry tena ka hiankina amin'Andriamanitra. Daniela 2.**

- ❖ Tsy nahafantatra ny nofy na ny heviny i Daniela. Naneho fenetre-tena sy fiankinana tamin'Andriamanitra izy.
  - — Nitodika tamim-bavaka tamin'Andriamanitra izy. Niankina tenteraka tamin'Andriamanitra izy (Daniela 2:17-18)
  - — Nanome voninahitra an'Andriamanitra izy raha vao naharay ilay nofy (Daniela 2:19-23)
  - — Nanetry tena teo anatrehan'ny mpanjaka izy ka nampahafantatra an'Andriamanitra (Daniela 2:27-28)
- ❖ Aoka isika haneho izany fanetre-tena sy fiankinana nasehon'i Daniela izany amin'ny fankalazantsika ny hazo fijalian'i Kristy fa tsy ny tenantsika.

**D Mijoroa amin'izay inoanao. Daniela 3.**

- ❖ Ny zavatra hany azo antoka teo amin'ny tany lemaka Dora dia tsy handika ny didin'Andriamanitra Sadraka sy Mesaka ary Abed-Nego.
- ❖ Io zava-nitranga io dia mitovy amin'ny baiko manery hiankohoka amin'ny sarin'ny bibidia ao amin'ny Apokalypsy 13.
- ❖ Vonona ny hiaro ny fampianaran'ny Baiboly ve aho na dia tandindomin-doza aza ny aiko, ny asako, ny fahafahako na ireo namako?

**E Manaiky an'Andriamanitra (hateraka indray). Daniela 4.**

- ❖ Nanaiky ny hery sy ny fahefan'Andriamanitra teo amin'ny fiainany ihany ny mpanjaka rehefa nesorin'ny Fanahy Masina ny avonavony (Daniela 4:31-34)
- ❖ Maro no hitodika amin'Andriamanitra amin'ny Andro Farany, toy izay nataon'i Nebokadnezara. Ny fijoroana vavolombelona ataotsika sy herin'ny Fanahy Masina amin'ny firotsahan'ny “ranon'orana farany” dia hamokatra fiovam-po marobe tsy mbola nisy toa azy (Apokalypsy 18:1)

**F Miankohoka amin'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra. Daniela 6.**

- ❖ Nahoana Daniela no nanohy nivavaka am-pahibemaso fa tsy nataony miafina izany mba tsy hiharan'ny sazy famonoana ho faty izy?
- ❖ Raha nivavaka tamin'Andriamanitra niafina izy tamin'io fotoana io, dia ho nidera ny mpanjaka Dariosy.
- ❖ Amin'ny Andro Farany, ny “bibidia” no hiankohofan'ny mponina eto an-Tany. Raha mangina isika ka mivavaka miafina, dia handà an'Andriamanitra.
- ❖ Manome antsika fotoana ampy hizarana ho mahatoky Andriamanitra. Ary dia, hampahery antsika Izy amin'ny andro ahatongavan'ny fanenjehana sy ny fahafatesana.